

Monseigneur Benjamin Marc Ramarison, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Administrateur Apostolique d'Ambanja
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
beramarison@gmail.com



Ho Antsika Jiaby EOY : Pretra, Olom-boatokana, Lahika ato amin'ny Diôsezin'Antsiranana sy Ambanja.

"Homba anareo anie ny fiadanana..." (Jn 20,19)

Alahady faha-16 mandavantaona aho no manoratra ity hafatra ity amin'izao fidirantsika amin'ny fihibohana tanteraka izao indray... FIHIBOANA ANDINY FAHAROA IZAY TENA MAFY TOKO ary mampanontany tena antsika jiaby hoe : *"inona no mety dikany izao?"* Ny Evanjely vakintsika amin'izao alahady faha-16 izao no manoro lalana antsika. Miaramitsiry ny voa tsara sy ny ahi-drat am-pontsika ary eo anivon'izao tontolo izao. Ilay ratsy no mamafy ny ahi-dratsy ary miteraka korontana : KORONTANAVIRUS... Tsy ity "fahavalo tsy hita maso" ity no faran-teny araka ny fampianaran'i Jesoa manazava ny fanoharana fa ho potika ho levona tanteraka izy... Manàna faharetana ary indrindra manàna finoana na ohatra ny voatsinapy aza dia handresy "hamindra ny tendrombohitra" izany hoe hanapotika an'ity KORONTANAVIRUS ITY... Tsy irery isika fa miaraka amin'I Masina Maria Reny ary ireo Olomasina sy Olontsambatra Malagasy.

Noho izany dia manentana antsika jiaby hanaraka tsara ireto torolalana ka miangavy antsika handray azy am-pinoana sy am-pitiavana.

1- Hotohizina ary harahina ireo fepetra fiarovan-tena (meseures barrière) rehetra satria raha MIARO NY TENANAO IANAO DIA MIARO NY Hafa ka DIA MIARO ANTSIKA JIABY

2- Tsapa fa mendrika sy rariny ary mahavonjy ny hetaheta fankalazana ny Eokaristia sy fizarana Sakramenta miaraka amin'ny Kristianina. Fahendrena kokoa anefa ny manohy ny ezaka tamin'ny fotoan'ny fihibohana voalohany Hamafisina ny maha-Eglizy kely ny fianakaviana ka aoka samy hanao vavaka totoafy (Eglizy ny Eglizy raha mivavaka, mandalina finoana, manompo, mandray an-tanana, mivory, mankalaza ... MAMENO NY SADJOA, SINY SAOTA...).

Indro toro-lalana fohifohy hanampy ny Eglizy hivavaka : ho an'izay tsy mahay mamaky teny dia manao rozery fandalinana ireo mistery, ho an'ireo mahay mamaky teny sady manao rozery no mamaky ireo Tenin'Andriamanitra voatendry ao amin'ny Calendrier liturgique... Tsara ialohavan'ny fotoana fandinihana konsiansy sy fandinihana ny fahotana. Eo koa isika no afaka manao ny konfesy am-panahy izany hoe miaiky ireo heloka natao ary manenina mafy no manao ny fifonana : miampangantena sy ny fanenenana ka mangataka ny famindrampon'Andriamanitra sy famotsorana am-panahy izany hoe manome toky fa raha vao vita izao KORONTANAVIRUS izao ka afaka mankalaza ny Sakramentan'ny Konfesy izany hoe afaka manatona Pretra dia manatanteraka izany mba tanteraka ilay konfesy am-panahy. Faranana amin'ny Komonio am-panahy ny fiaraha-mivavaka eo anivon'ny Fianakaviana Eglizy kely. Raha ohatra moa afaka manaraka ny radio na televiziona dia manaraka am-pahamendrehana tsara ary miezaka mba tsy ho voakotaba fa tena fotoam-bavaka tokoa.

Momba ny Rozery manokana dia tsara isaky ny mahita vita "Arahaban'i Maria..." folo isika dia faranana amin'ny vavaka mahazatra antsika : "Ry Jesoa...". Ary rehefa vita ny fanaovana ny Mistery dia ataontsika ny "Izahay mifefy aminao..." sy ny vavaka fanokanana ny diosezy amin'ny Fo Madion'i Maria ary ny litanian'i Virijiny Masina.

Olombelona isika ka mety mitranga ny fahafatesana. Arahina ato amin'ny diôsezy ny fepetra sy fampitandremana omen'ny fanjakana satria tsy resaka "pastôraly" loatra intsony ity fa lalàna. Noho izany, aza asiana tranga manokana na "exception" fa manahirana. Sarotra anefa ny misaraka amin'ny havana ary ao anatin'ny fanantenana ny fitsanganan-ko velona

mandrakariva isika ka voalohany tsy atao any an-deglizy ny absoute fa any an-trano ary ny tompon'andraikitra any amin'ny eglizy fiombonana no manao azy. Azontsika atao ny mangataka lamesa ary ampirisihina ka manatona ny pretra izay manao lamesa isan'andro any amin'ny communauté. Afaka angatahantsika manao lamesa ho an'ireo havantsika izy ireo toa ny mahazatra (intentions de messe) na dia tsy afaka manatrika isika. Anjarantsika ny manambara ny andro tiantsika hanaovana ny lamesa. Azontsika atao koa ny mitondra ny sarin'ny havantsika ka raha hitantsika fa mety dia apetraka ao amin'ny eglizy ho fiombonana.

Raha tena ilaina ka mifanaraka amin'ny fepetra ara-pahasalamana dia ampirisihina ny pretra hanatitra ny sakramenta ho an'ny marary sy be antitra. Mila fitandremana anefa izany.

Raha mila fanazavana fanampiny dia afaka manatona ny pretrantsika. Aleo miaritra mba ho tafita mamakivaky ny lalan-tsarotra ka ho afaka hankalaza ao anatin'ny hafaliana maharitra.

3- Hararaotintsika Pretra ny fampiasana ireo fitaovan-tserasera ananantsika sy azontsika ampiasaina hanampiantsika ny ôlo amin'ny lafiny jiahy (lamesa, toriteny, fandalinam-pinoana, fampirisihina sy fankaherezana...) mba hahatsapany fa tsy sazy tsy akory izao fihibohana izao fa "fijaliana mitondra fanantenana". "Akôho anaty antômby, mahita lanitra na dia tsy afaka miboaka".

4- AZA ADINO AO ANATIN'IZAO FHIHOBHANA IZAO INDRINDRA NO TSARA MISONGADINA NY FIFANOMEZAN-TANA, NY FIFANAMPIANA HANEHOANTSIKA NY MAHA EO MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Iza indrindra no ilaina ny voamieran'asa SOSIALY : Justice et paix, Caritas, ACP, Diocèse vert... Vakio ny tantaran'ny fampitomboan'ny mofody dimy sy hazandrano roa nefa nahavoky olona marobe (Mt 13, 14-21). Raha manao ny "asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika"

5- Momba ny "mois sacerdotal" (volana Août) dia tena miankina amin'ny fivoaran'ny zavamisy. Ho hisy filazana atoato. Entintsika ambavaka. Ankinina amin'i Masina Maria Renin'ny Pretra sy Md Curé d'Ars

Eto ampamaranana dia manentana antsika hahay hanararaotra ny zava-misy hivelomana ny finoana eo anivon'ny Fianakaviana, Eglizy kely. Tohizontsika ary ataontsika mafimafy hatrany ny vavaka, araky ny voalazako matetika, **"ny Eglizy trano no afaka akatona fa ny fo, tempolin'Andriamanitra kosa misokatra mandrakariva, mitalaho ny Famindram-pon'Andriamanitra"** miaraka Masina Maria sy Olontsambatra Lucien Botovasoa. Matoky aho fa tsy ho ela dia hositrarin'Andriamanitra amin'izao aretina izao isika ka hankalaza an-kafaliana ny fitiavany....

Mitsodrano anareo amin'ny anaran'ny Tompo. Mivavaha ho an'ity mpanomponareo.

Natao teto Antalaha Alahady 19 2020

Alahady faha-16 mandavantaona.

*Benjamin
c.m.*



Père Evêque Ramaroson Benjamin Marc, cm
Arsevekan'Antsiranana, Administrateur Apostolique Diocèse d'Ambanja